



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana · Tanindrazana · Fandrosoana



ASSEMBLEE NATIONALE
ANTENIMIERAMPIRENENA

**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2021**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-182

**FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY
VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA-19/2021 TAMIN'NY 17 NOVAMBRA
2021 "RELATIVE A LA PROMOTION DU LOGEMENT A MADAGASCAR"**

Fivoriana Faha-24
Natao ny
Alatsinainy 13 Desambra 2021
- hariva -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA:- Ramatoa ANGELE Solange
- Andriamatoa HENRI Jean Michel

FOTOANA: Alatsinainy 13 Desambra 2021 tamin'ny 6 ora sy 40 minitra, hariva.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-19/2021 tamin'ny 17 Novambra 2021 "relative à la promotion du logement à Madagascar".

Nitohy ny Talata 13 Desambra 2021 tamin'ny 6 ora sy 40 minitra, hariva, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filohan'ny Antenimierampirenena no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra mba hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatontosa izany, Andriamatoa HENRI Jean Michel, Kestora faharoa.

Rehefa izany, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony, Ramatoa Filoha, izay fivoriambe handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-19/2021 tamin'ny 17 Novambra 2021 "relative à la promotion du logement à Madagascar".

Taorian'izay, niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomieran'ny Fotodrafitrasa sy ny Fampitaovana ny tenany hamaky ny tatitry ny asam-baomiera.

Ramatoa RAZAFINDRAVONY Marifidy Christine no nanatanteraka izany, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Alarobia 8 Desambra 2021 tamin'ny 5 ora sy 20 minitra, hariva, ny Vaomieran'ny Fotodrafitrasa sy ny Fampitaovana sy ny Vaomieran'ny Mponina sy ny Fiahiana ny mpiara-belona nandinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-019/2021 tamin'ny 17 Novambra 2021 "relative à la promotion du logement à Madagascar".

Andriamatoa ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina, Filohan'ny Vaomieran'ny Fotodrafitrasa sy ny Fampitaovana no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fotodrafitrasa sy ny Fampitaovana tonga nivory:

Andriamatoa sy Ramatoa isany:

1. ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina
2. RAFIDIMANANA Narson
3. RAMILSON Ange Richard
4. DAHY Ramamonjisoa Herman
5. RAZAFINDRAVONY M. Christine

Tsy nisy tonga niatrika ny fivoriana ireo mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Mponina sy ny Fiahiana ny mpiara-belona.

Ireto avy ireo teknisiana avy amin'ny Governemanta:

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

| | | |
|--|------------|--|
| 1. ANDRIAMANOHSOA Gérard | Secrétaire | Nouvelles Villes et de l'Habitat d'Etat chargé des auprès de la Présidence de la République |
| 2. RAVOAVINOROSOA Léa | | SG/SENVH |
| 3. ANDRIAMBOLOLONTSIAROVANA Hajanirina | | DPL/SENVH |
| 4. RAKOTOSON T. Saholy F. | | DAJ/SENVH |
| 5. RASAMIMANANA Harilantoson Diary | | AJ/DAS/SENVH |
| 6. RASOANAIVO Irina | | AJ/DAJ/SENVH |
| 7. RAMANDASOA N. Erika | | SE/DAJ/SENVH |
| 8. RANDRIANARISON Vonitiana | | Chef Prot/SENVH |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny avy hatrany an'Andriamatoa «Secrétaire d'Etat chargé des Nouvelles Villes et de l'Habitat auprès de la Présidence de la République» ny fitenenana mba hitondrany fanazavana mikasika ity Volavolan-dalàna ity.

Nambarany tamin'izany fa efa nandrasan'ny vahoaka malagasy hatramin'izay ity Volavolan-dalàna ity noho ny filana trano izay mahatratra 1 730 000. Adidin'ny fanjakana ihany koa ny miahy ny trano fonenana araka ny voalazan'ny andininy faha-34 sy faha-35 ao amin'ny Lalàmpanorenana. Ity volavolan-dalàna ity ihany koa dia ahafahana mametraka lalàna mba ho fitaovana hampiroboroboana ny tetikasa fananganana trano fonenana ary mba hampitoviana ny zo amin'ny fahazoana izany.

Nisy ihany ny vinavina hanangana trano fonenana teo aloha kanefa tsy tanteraka izany noho ny tsy fisian'ny lalàna mifandraika amin'izany sy noho ny tsy fisian'ny famatsiam-bola. Amin'izao fitondrana izao, eo amin'ny 50 000 no isan'ny trano fonenana novinavinaina hatsangana araka ny IEM sy ny tetikasan'ny Filohampirenena.

Ity volavolan-dalàna ity dia «orientation» mikasika ny fampiroboroboana ny fananganana trano fonenana.

Hita amin'izany ny:

- Famaritana ny «logements sociaux» izay tsy nazava teo aloha;
- Fanovan-drafitra ny ANALOGH ho «Etablissement Public»;
- Napetraka ny «Autorité Nationale du Logement»;
- Fametrahana ny fandraisan'anjaran'ny sehatra tsy miankina;
- Fametrahana ny «Fonds National du Logement» izay tahirim-pirenena ahafahana mandray ny vola miverina amin'ny trano efa novidina sy ny vola avy any ivelany ary ny vola azo avy amin'ny sehatra hafa, toy ny harena ankibon'ny tany sns...
- Fametrahana lalàna mba hampiasaina amin'ny fananganana trano fonenana ny ampahany amin'ny fampiasam-bola, toy ny vola azo avy amin'ireo orinasa toy ny QMM ohatra;
- Fanamorana ny «crédit mobilier» mba hampihenana ny tahan'ny zanabola any amin'ny banky sy ny fametrahana “fonds de garantie” mikakisa izany.

Taorian'izay, niroso tamin'ny adihevitra ny mpivory.

Nanamarika ny mpivory fa mahafapo ny fanazavana ary mifandraika amin'ny filan'ny malagasy izao fotodrafitrasa izao.

Rehefa niadihevitra ny mpivory dia nisy fanovàna vitsivitsy nataon'izy ireo araka ny hita ao amin'ny andininy faha-4, faha-5, faha-12, faha-14, faha-16 ary faha-30. Isan'ny fanatsarana lehibe nentina ohatra ny ao amin'ny andininy faha-14 izay manazava kokoa ny mikasika ny “financement des opérations immobilières par la promotion du logement”.

Marihana fa noho ny fanafoanana ny andininy faha-16 dia nahitana fiovana ny filaharan'ny andininy ao amin'ity volavolan-dàlana ity manomboka eo amin'ny andininy faha-17 ka hatramin'ny andininy faha-30.

Rehefa izany, niroso tamin'ny fandaniana isan'andininy ny volavolan-dalàna ny mpivory.

- Famelabelarana ny antonantony: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

TOKO VOALOHANY

- Andininy voalohany: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faharoa: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-pavonàna
- Andininy faha-3: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

TOKO FAHAROA

- Andininy faha-4: lany nasiam-panovàna (Jereo tovana)
- Andininy faha-5: lany nasiam-panovàna (Jereo tovana)
- Andininy faha-6: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-7: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-8: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-9: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

TOKO FAHA-3

- Andininy faha-10: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-11: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna;
- Andininy faha-12: lany nasiam-panovàna (Jereo tovana)
- Andininy faha-13: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

TOKO FAHA-4

- Andininy faha-14: lany nasiam-panovàna (Jereo tovana)
- Andininy faha-15: lany nasiam-panovàna (Jereo tovana)
- Andininy faha-16: lany nasiam-panovàna (Jereo tovana)
- Andininy faha-17: lany nasiam-panitsiana (Jereo tovana)

TOKO FAHA-5

- Andininy faha-18: lany nasiam-panitsiana (Jereo tovana)
- Andininy faha-19: lany nasiam-panitsiana (Jereo tovana)
- Andininy faha-20: lany nasiam-panitsiana (Jereo tovana)
- Andininy faha-21: lany nasiam-panitsiana (Jereo tovana)
- Andininy faha-22: lany nasiam-panitsiana (Jereo tovana)
- Andininy faha-23: lany nasiam-panitsiana (Jereo tovana)

TOKO FAHA-6

- Andininy faha-24: lany nasiam-panitsiana (Jereo tovana)
- Andininy faha-25: lany nasiam-panitsiana (Jereo tovana)
- Andininy faha-26: lany nasiam-panitsiana (Jereo tovana)

TOKO FAHA-7

- Andininy faha-27: lany nasiam-panitsiana (Jereo tovana)
- Andininy faha-28: lany nasiam-panitsiana (Jereo tovana)
- Andininy faha-29: lany nasiam-panitsiana (Jereo tovana)

TOKO FAHA-8

- Andininy faha-30: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (Jereo Tovana)

Rehefa izay dia niroso tamin'ny fandaniana amin'ny ankapobeny ny volavolan-dalàna ny mpivory.

Noho ny tsy fahatrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Nolanian'ny Vaomiera tamin'ny endriny nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna ny volavolan-dalàna laharana faha-019/2021 tamin'ny 17 Novambra 2021 "relative à la promotion du logement à Madagascar" ary hoentina any amin'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 6 ora sy 40 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Filoha.

TOVANA

| VERSION ORIGINALE | VERSION AMENDEE |
|--|--|
| <p>Art.4- La promotion du logement relève en premier lieu de l'Etat, à travers le Ministère en charge du Logement, et des organismes étatiques spécialisés en la matière. Le concours des autres Ministères, des Collectivités territoriales décentralisées et du secteur privé peut être requis <u>en tant que de besoin</u>.</p> <p>Elle peut avoir lieu en dehors ou dans le cadre des projets de nouvelles villes.</p> | <p>Art.4- La promotion du logement relève en premier lieu de l'Etat, à travers le Ministère en charge du Logement, et des organismes étatiques spécialisés en la matière. Le concours des autres Ministères, des Collectivités territoriales décentralisées et du secteur privé peut être requis.</p> <p>Elle peut avoir lieu en dehors ou dans le cadre des projets de nouvelles villes.</p> |
| <p>Art.5- L'Etat est le garant du droit au logement pour tous et particulièrement pour les plus démunis. A ce titre, il a notamment pour rôles de :</p> <ul style="list-style-type: none"> - Assurer le pilotage et veiller au suivi de la mise en œuvre de la Politique nationale du logement sur l'ensemble du territoire national. Il doit asseoir son rôle de facilitateur, coordonnateur, garant de l'effectivité du droit au logement; - Constituer <u>une réserve foncière</u> pour les projets en matière de logement; | <p>Art.5- L'Etat est le garant du droit au logement pour tous et particulièrement pour les plus démunis. A ce titre, il a notamment pour rôles de :</p> <ul style="list-style-type: none"> - Assurer le pilotage et veiller au suivi de la mise en œuvre de la Politique nationale du logement sur l'ensemble du territoire national. Il doit asseoir son rôle de facilitateur, coordonnateur, garant de l'effectivité du droit au logement; - Constituer des réserves foncières pour les projets en matière de logement; |
| <p>Article 12.- L'Autorité Nationale du Logement est notamment chargée de :</p> <ul style="list-style-type: none"> - Contrôler <u>l'ensemble des acteurs du secteur du logement</u> ; | <p>Article 12.- L'Autorité Nationale du Logement est notamment chargée de:</p> <ul style="list-style-type: none"> - Contrôler les interventions des acteurs du secteur logement ; <p>LE RESTE SANS CHANGEMENT</p> |
| <p>Art.14- <u>Le financement des opérations immobilières est supporté par les ressources propres internes du Ministère en charge du logement, des Ministères ayant des programmes en matière de logement, de l'Autorité Nationale du Logement, des organismes étatiques spécialisés et des Collectivités Territoriales Décentralisées.</u> <u>A cet effet, l'Etat veille particulièrement à consolider l'allocation budgétaire desdits</u></p> | <p>Article 14: Le financement des opérations immobilières pour la promotion du logement peut être d'une part, supporté par les ressources propres internes du Ministère en charge du logement , des Ministères ayant des programmes en matière de logement, de l'Autorité Nationale du logement, des organismes étatiques spécialisés, des Collectivités Décentralisées et d'autre part, peut se faire</p> |

| | |
|--|--|
| <u>acteurs.</u> | également dans le cadre d'un partenariat public privé ou à l'initiative du secteur privé. Dans ce cas, un système de partenariat entre l'Etat, les Collectivités Décentralisées et les acteurs du logement est mis en place suivant les textes en vigueur. |
| <p>Art.15- Les opérations immobilières sont également financées</p> <p>Les emprunts</p> <ul style="list-style-type: none"> - Les appuis financiers des partenaires au développement; - <u>Les fonds propres des opérateurs et investisseurs privés;</u> - La contribution du secteur minier et des ressources stratégiques dont le pourcentage du volume d'investissements est <u>fixée par voie réglementaire;</u> | <p>Art.15- Les opérations immobilières sont également financées</p> <ul style="list-style-type: none"> - Les emprunts - Les appuis financiers des partenaires au développement; - Les apports du secteur privé; - La contribution du secteur minier et des ressources stratégiques dont le pourcentage du volume d'investissements est fixée par la loi de finances; <p>LE RESTE SANS CHANGEMENT</p> |
| <p>Art.16 <u>-Le financement des projets immobiliers pour la promotion du logement peut se faire dans le cadre d'un partenariat public privé ou à l'initiative du secteur privé. A cet effet, un système de partenariat entre l'Etat, les Collectivités territoriales décentralisées et les acteurs du logement est mis en place suivant les textes en vigueur.</u></p> | SUPPRIME |
| Art. <u>17</u> | Art. 16 |
| Art. <u>18</u> | Art. 17 |
| Art. <u>19</u> | Art. 18 |
| Art. <u>20</u> | Art. 19 |
| Art. <u>21</u> | Art. 20 |
| Art. <u>22</u> | Art. 21 |
| Art. <u>23</u> | Art. 22 |
| Art. <u>24</u> | Art. 23 |

| | |
|---|--|
| Art. <u>25</u> | Art. 24 |
| Art. <u>26</u> | Art. 25 |
| Art. <u>27</u> | Art. 26 |
| Art. <u>28</u> | Art. 27 |
| Art. <u>29</u> | Art. 28 |
| Art.30- <u>La présente loi sera publiée au Journal officiel de la République. Elle sera exécutée comme loi de l'Etat.</u> | Art.29- Des textes réglementaires préciseront, en tant que de besoin, les modalités d'application de la présente loi. La présente loi prend effet à compter de sa date de signature, et sera publiée au journal officiel. |

Taorian'izany, nambaran-dRamatoa Filoha, fa hiditra amin'ny fanitsiana na fanamarihana momba ny tatitra ny mpivory.

Raha nomena fitenenana, Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, hitondra fanitsiana ao amin'ny takelaka faha-3, andalana faha-3 manao hoe: volavolan-dalàna tokony ho izy fa tsy teny hoe fotodrafitrasa.

Nitondra fanitsiana Andriamatoa ANDRIAMANOHISOA Gérard, Sekreteram-panjakana miandraikitra ny Tanàna Vaovao sy ny Toeram-ponenana eo anivon'ny Fiadidian'ny Repoblika, ao amin'ny pejy voalohany, DAG/SENVH no izy fa tsy DAS/SENVH ary nanitsy ny anaran-dRAKOTOSON Saholy hoe RAKOTOSON Salohy koa no izy.

Ao amin'ny andininy faha-14, amin'ny tovana; tsy "Autorité Nationale du Logement" no izy fa «Agence Nationale du Logement» amin'ny maharafitra mpanara-maso azy, fa tsy mpanao trano io rafitra io.

Rehefa izany, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana hatrany Andriamatoa ANDRIAMANOHISOA Gérard, Sekreteram-panjakana miandraikitra ny Tanàna Vaovao sy ny Toeram-ponenana eo anivon'ny Fiadidian'ny Repoblika hitondra fanazavana mikasika ny volavolan-dalàna.

Nambarany fa tsy fampafahantarana fotsiny no nanaovana ity voavolan-dalàna ity, fa hapetraka mazava sy voarakitra tsara ho tombotsoan'ny rehetra izany.

Nambarany koa fa tamin'ny andron'ny Filoha PHILIBERT Tsiranana no nanaovana trano ho an'ny vahoaka farany, ka izao hiroso amin'ny fanamboarana trano ho an'ny vahoaka izao indray ny fitondram-panjakana amin'izao fotoana izao. Raha trano miisa 1 000 isan-taona no tanjona tamin'izany, nampiakrina 35 000 trano isan-taona izany amin'izao fotoana izao araka ny fanamby napetraky ny fanjakana mahefa amin'izao.

Ao amin'ny Toko faha-8, miantoka fanaraha-maso amin'ny sehatry fividianana tany koa no asan'ny fanjakana.

Momba ny Toko Voalohany, efa lany tamin'ny "Conseil des Ministres" tamin'ny taona 2019 lasa teo ny momba azy.

Ao amin'ny Toko faha-2, miantoka ny fanamorana amin'ny fahazoan'ny rehetra "logements sociaux" no volaza ao.

Ny Toko faha-3, fametrahana ny "mesures restrictives" hanamorana ny fanamboaran-trano izay mitentina 30 Tapitrisa Ariary ny tetibin'ny trano iray; 11 Miliara Ariary no tomban'ny vola ilaina misoratra ato anatin'ny tetikasa, ka ao amin'ny FSM na ny "Fonds Souverin Malagasy" no ahitana ny famatsiam-bola hampiasaina hanatanterahana azy.

Nomarihany koa fa ny "groupe FILATEX" dia miara-miasa amin'ny Minisitery hanatanteraka ny fanamboarana trano, tsy maintsy manao "logement social" koa izy amin'izany ary didim-pitondrana no mametraka azy fa tsy atao am-bava fotsiny izany.

Ny Toko faha-2, andininy faha-5, miantoka sy manamora ny politikam-pirenena momba ny fanorenana trano sy ny fanalefahana ara-ketra ary miantoka ny fampiasana mahomby hanorenana trano fonenana mba hitovy zo ny Faritra rehetra, hisitraka ny tetikasa trano mora sy manara-penitra.

Nomarihany koa fa manana fahavononana ara-politika ny fanjakana Malagasy hametraka fangaraharana eo amin'ny fanomezana trano amin'ity tetikasa ity. Ezahana koa mba ho trano iray no apetraka amin'ny tany iray.

Ezahana ihany koa ny ahazoan'ny Distrika na ny Faritra misy orinasam-pitrandrahana amin'ity tetikasa ity mba ho tombotsoan'ny mponina ao aminy.

Nambarany koa fa efa misy vola mitentina 8 Tapitrisa Dolara nomanin'ny orinasa Ambatovy hanaovana trano, efa vonona hampandehanana ny tetikasa rehefa lany ny lalàna. Misy koa tany efa vonona hanamboarana trano; ohatra, any Mahajanga, misy 300 ha ary hisy "réserve foncière" anjaran'ny fanjakana amin'ity tetikasa ity izany.

Nomarihany fa fanorenana trano mahazaka ny toetr'andro rehetra no hatao ary manaraka ny teknolojia vaovao koa izany fanamboarana izany.

Samy manana zo hanana trano arifomba, hoy izy, ny sarababem-bahoaka araka ny voalazan'ny Toko faha-6 amin'ity volavolan-dalàna ity ary haharitra 50 taona no fe-potoana faharetan'ny trano iray raha ny fenitra iraisam-pirenena no arahina.

Hisy "contrôle de conformité" koa hataon'ny fanjakana amin'ity tetikasa ity rehefa manao ny asa.

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha, fa hiditra amin'ny adihevitra ny mpivory, ka nomeny fitenenana ny Solombavambahoaka.

Raha nandray fitenenana Andriamatoa SAID ZAKANIAINA Mahafaly Joseph, nanamarika izy fa tsy anisan'ny mahazo amin'ity tetikasa ity na trano fivoahana aza ny Distrikan'i Soalala, fa mivangongo eto Antananarivo daholo ny fodrafitrasa hataon'ny Fanjakana.

Nangataka ny hisitran'ny Distrika miisa 119 manerana an'i Madagasikara ny tenany. Nomarihany koa fa manana «entreprise» mpanao fotodrafitrasa ny tenany kanefa misy fahasahiranana ny fitakiana ny vola avy amin'ny fanjakana; maharitra folo taona mihitsy vao azo ny vola noho ny fahasarotan'ny fikarakara taratasy mikasika ny «remboursement» ka mila jerena akaiky.

Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, kosa nilaza ny ahiahiny amin'ny maha tany lavitra andriana ny Distrikan'i Vangaindrano, sao tsy hisitraka ity tetikasa ity ny Distrika misy azy.

Nametrahany fanontaniana koa ny lalan-tsaina tiana hatongavana amin'ny hoe “redistribution sociale” araka ny voalazan'ny andininy faha-12 ao amin'ny volavolan-dalàna. Torak'izany koa, araka ny voalazan'ny andininy faha-35, tsy hisitraka tetikasa ve ny Distrika tsy manana orinasa lehibe.

Nambarany fa tokony hotazonina ihany ny “proposition” nataon'Andriamatoa Sekreterampanjakana miandraikitra ny Tanàna Vaovao sy ny Toeram-ponenana hoe: «fixée par voie réglementaire» teo, fa raha isan-taona izao arakaraky ny «loi de finances» misy dia hovaina foana ve ny «volume d'investissements», satria mety hanova zavatra maro izany.

Nomarihany koa fa mametraka olana tokoa ny «remboursement» satria misy tsy mahazo vola ny orinasa manao ny asa, sao mba misy vahaolana hamahana izany.

Nambarany koa sao misy zavatra tokony hamboarina ny mikasika ny «prévention des expulsion locatives» mba hialana amin'ny fandroahana ny olona tsy mahaloa hofantrano.

Nanontaniany ny fahamaroan'ny “dispositions” horaisina araka ny voalaza teo, efa vonona ve ny «texte règlementaire» ary tsy ho sakana ve izany.

Nanamafy ny tokony hijerena ireo fepetra mikasika ny fanorenana ny trano koa izy; izay no namaranay ny teniny.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina, nambarany fa izy no Filohan'ny Vaomieran'ny Fotodrafitrasa sy Fampitaovana; nomarihany, araka ny voalazan'ny andininy faha-15 ao amin'ny volavolan-dalàna, sao tokony hatao «est fixée par voie réglementaire» no mety kokoa sa hatao «est fixée par voie législative».

Nambarany koa fa mijaly ny Solombavambahoaka noho ny tsy fananany trano, ka inona no tokony hatao manoloana izany.

Raha nomena fitenenana Andriamatoa IDEALSON, nambarany fa miombon-kevitra amin'ny Solombavambahoaka nandray fitenenana teo aloha ny tenany ary nanamarika koa fa maro loatra ny trano aorina eto Antananarivo rehefa misy tetikasa tahaka izao. Nanontaniany koa raha hahazo ny anjarany amin'ny tetikasa ny Distrikan'Ampanihy izay nahavoafidy azy. Izany hoe, tokony hanaovana fotodrafitrasa ihany koa ivelan'Antananarivo amin'izay samy hisitraka izany ny Faritra rehetra ary ho tombotsoan'ny vahoaka izany.

Andriamatoa RANDRIAMANAMPISOA Alfred, kosa nilaza fa tokony hamoraina ny fahazoana «crédit immobilier» satria sarotra ny fahazoan'ny olon-tsotra izany any amin'ny banky.

Notsindriany fa mety ity volavolan-dalàna ity, amin'izay mba afaka mifaninana amin'ny banky ny fanjakana amin'ny resaka fampiasam-bola, satria efa misy orinasa vonona hanao ny asa.

Nomarihany fa 74 Miliara fa tsy 11 Miliara Ariary no hitany ato anaty volavolan-dalàna, iza no marina amin'ireo tarehimarika roa ireo, hoy ny fanontaniana napetrany.

Nambarany koa ny tokony hisian'ny lalàna manokana mba hamerenan'ny orinasa lehibe tamberin'andraikitra amin'ny firenena sy ny vahoaka.

Andriamatoa FIENENA Richard Désiré, indray raha nandray fitenenana, nilaza fa tsy nanatrika asam-baomiera, nanao fanamarihana amin'ny antony nametrahana ny hoe «suprimé» ao amin'ny andininy faha-16 ny tenany, ka mangataka fanazavana momba izany.

Nambarany fa tsy mbola nisitraka tetikasa Trano mora koa ny Distrikan'i Manja, ka tokony hanaovana izany.

Andriamatoa RAKOTOARIMANANA Patrice, raha nandray fitenenana, nanambara fa politikam-panjakana ity volavolan-dalàna ity ary tamin'ny andron'ny Filoha PHILIBERT Tsiranana no nisian'ny tetikasa tahaka izao farany. Noho izany, tokony havahana ny olona hisitraka Trano mora, miankina amin'ny fidiram-bolan'ny tsirairay no hanomezana izany, amin'izay mba ny olona antonontona ara-pivelomana no hahazo azy.

Nomarihany fa miisa 119 ny Distrika manerana ny nosy kanefa Distrika miisa 50 ihany no hisitraka ny tetikasa. Iza no Distrika hisitraka sy tsy hisitraka ny tetikasa.

Nandroso sosokevitra izy ny hizarana trano ho an'ny Solombavambahoaka tsirairay mba hisitrahan'ny Distrika rehetra ny tetikasa noho izy ireo solotenan'ny vahoaka.

Nohamafisiny koa ny tokony hanajana ny hasin'ny maha Andrimpanjakana ny Antenimierampirenena satria mitovy amin'ny «cellule de prison» ny tranon'ny Solombavambahoaka amin'izao fotoana izao, ka mila fanatsarana.

Andriamatoa RAKOTONDRAVAO Gorges, kosa nilaza ny fankasitrahany ny tokony hisitrahan'ny Solombavambahoaka rehetra trano araka ny voalazan'ny namana teo aloha.

Nangataka ny hisitrahan'ny Distrika rehetra manana harena ankibon'ny tany momba ny fitrandrahana izany koa ny tenany ary ny hanomezana trano ho an'ireo mpitrandraka amin'ny alalan'ity tetikasa ity.

Nambarany fa tamin'ny fandalovan'ny vadin'ny Filohampirenena tany Marovoay, nilaza ny tokony hamindrana sy hananganana Tanàna vaovao izy noho ny haterin'ny Tanàna. Tafiditra amin'io 50 Tanàna vaovao hotanterahana io ve i Marovoay sa tsia satria izay no fampanantenana nataon'ny vadin'ny Filohampirenena tany an-toerana.

Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert, indray raha nandray fitenenana, fanentana amin'ny tokony handaniana ny volavolan-dalàna mikasika ny Tanàna vaovao no nataony satria ilaina ny tetikasa.

Nambarany fa tsara ny famoronana Tanàna vaovao kanefa, ny efa misy koa tokony hohatsarina amin'izay tsy ho ratsy endrika ny Tanàna. Noho izany, fanatsarana ny Tanàna aloha no ilain'ny Distrikan'i Port-Bergé amin'izao fotoana izao.

Raha nandray fitenenana Andriamatoa TSIKIVY Adrien, fanontaniana no napetrany hoe: firy no ho anjaran'ny Distrikan'i Kandreho amin'ny trano vaovao haorina.

Nohamafisiny ny tokony hanamboarana trano miisa 151 ho an'ny Solombavambahoaka.

Taorian'ny fandraisam-pitenenana nataon'ny Solombavambahoaka, nomen-dRamataoa Filoha, fitenenana ny solotenan'ny Governemanta.

Toy izao no nambaran'Andriamatoa ANDRIAMANOHSOA Gérard, Sekreteram-panjakana miandraikitra ny Tanàna Vaovao sy ny Toeram-ponenana eo anivon'ny Fiadian'ny Repoblika tamin'izany:

Tsy "Budget autonome" ny an'ny Minisitery indraketany hatreto, ka mety tsy ho afaka hanome fahafahapo ny Solombavambahoaka tsirairay.

Mitentina 630 Miliara Ariary ny vola avy ao amin'ny "Fonds Soverain Malagasy", fa 11 Miliara Ariary aloha no efa vovona, fa rehefa misy vola hafa, hitohy ihany ny tekikasa aorian'izay.

Miisa 760 "logements" no efa andalam-pahavitana amin'izao fotoana izao, ka samy manana anjara amin'izany avokoa ny rehetra. Maro koa ny trano tsy misy mpividy, mety tsy zakan'ny olona ve ny vidiny sa ahoana. Amin'izao fotoana izao, efa miezaka ny fanjakana mba hanao izay hahazoan'ny olona trano fonenana mendrika ho azy.

Maro ny Distrika sy Kaominina izay tafiditra ato anatin'ity volavolan-dalàna ity, ka hisitraka ny tetikasa; ohatra amin'izany, any Antsiranana: Ramena sy Andrakaka, any Nosy-Be ary any Antsohihy, eo amin'ny fivoahana ny RN6 no nanaovana izany mba hisintonana ny olona hivoaka ny Faritra mba hivelaran'ny Tanàna.

Ny tetikasa «Miami» ao Toamasina, hamboarina mba hitovy amin'ny «plage de Miami» ny fari-dranomasin'i Toamasina; any amin'ny Distrikan'i Fenoarivo Atsinanana, efa vita fitsirihana; toy izany koa ny ao Foulpointe, Sainte-Marie izay hotsidihan'ny Minisitery tsy ho ela. Tafiditra ato koa ny Distrika maromaro, toy ny any Maevatanana, Morondava, Atsimo Atsinanana, Ifanadiana, Mananjary, Nosy Varika. Miisa 50 ny Distrika hojerena amin'io taona 2022 ho avy io, fa ny sisa tsy mbola voajery dia hatao amin'ny tetikasa manaraka. Ny Distrikan'i Manja, ny Faritra SAVA, samy hisitraka ny tetikasa avokoa; ohatra, ny Distrikan'Antalaha, efa lasa any ny teknisiana hijery ny toerana hanorenana trano.

Ny fangatahana momba ny hanaovana trano ho an'ny Solombavambahoaka tsirairay kosa, miankina amin'ny Filohampirenena sy ny vola eo am-pelan-tànana no ahafahana mamaly izany fangatahana izany.

Misy toerana anisan'ny tsara koa eny Ivato, efa nanamboarana trano maro izany amin'izao fotoana izao, ka rariny raha hisitraka izany trano izany ny Solombavambahoaka. Misy 135 "logements" no efa vonona ao, ka raha manaiky ny Solombavambahoaka, 21 "immeubles" amin'io ho hatao an'ny Solombavambahoaka; saingy ny olana, rehefa tapitra ny fe-potoampiasan'ny Solombavambahoaka iray dia ahoana ny an'ny hafa vaovao aorian'izay. Hampidirina ao amin'ny Tetikasa Tanamasoandro ny anjara tranon'ny Solombavambahoaka miisa 151, kanefa ny Distrika miisa 119, "immeubles" miisa folo izany no hatao.

Raha vao lany ity volavolan-dalàna ity dia efa ao ny "décret d'application", ka hojerena ny tokony hisitran'ny vahoaka madinika trano sahaza ho azy.

Mikasika ny "remboursement de TVA", tsy mety omena mialohan'ny asa izany fa tsy mety, satria mila fangatahana izay vao mahazo izany ny mpandraharaha. "Bon de caisse" ihany no omena hakana ny vola ary ny Filankevitry ny Minisitra irery no manapaka ny fanomezana izany.

Amafisina fa mety tokoa raha toerana misy harena ankibon'ny tany no toerana ahavitana manao ny asa ary takiana koa ny tamberim-bidy tokony ho an'ny fanjakana avy amin'ny orinasa mpitrandraka ao amin'ny toerana itrandrahany.

Miandry ny fisian'ny vola koa mandeha ny vinavinanan'ny asa hatao, efa vita rafitra ao anaty boky daholo izany rehetra izany. Olana sedrain'ny Minisitara ihany koa ny tsy fananana tahirin-kevitra mikasika ny fidiram-bola isan-tokantrano.

Tsy maintsy misy ny fanaovana trano vaovao ary hanehoana ny endriky ny Tanàna iray isaky ny Distrika izany sady hamaritana ny fandrosoan'ny Tanàna ihany.

Maro ny fangatahana momba fiaraha-miasa atao amin'ny banky, ny BNI sy BFV ihany no afaka manome "9 points"-n'ny Minisitara, fa ny BOA tsy nahazoana izany.

Mikasika ny voalaza ao amin'ny andininy faha-16 ao amin'ny volavolan-dalàna, "redondance" mitovy amin'ny hita ao amin'ny andininy faha-14 ihany io, fa tsy voatery ho mpiasam-panjakana irery no hisitraka azy, tafiditra ao koa ny mpiasa tsotra, saingy tsy maintsy mpiakambana ao amin'ny CNaPS izy vao mety hahazo izany. Izany hoe, miandry ny fiaraha-miasa amin'ny CNaPS ny Minisitara amin'izao fotoana izao.

Ho an'ny Distrikan'i Marovoay, Morondava, Manakara, Vohipeno, Brickaville sy ny hafa, maro ny tany lasan'ny riaka, simba ny nofon-tany noho izany; nofoanana ny tetikasa fa mbola hitady vahaolana hafa mba hahazoana mijery ny tokony hanaovana izany any aoriana. Izany hoe, sorohana ny tsy hisian'ny "expulsions abusives", fa nosoloana "organisme rattaché" izany amin'izao fotoana izao, ka io rafitra io no hijery ny fomba tsy hahatongavana amin'izany.

Rehefa tsy nisy nanan-kambara intsony, nilaza Ramatoa Filoha, fa hiditra amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra isan'andiny ny mpivory.

Nomarihany fa tsy hiditra amin'ny antsihirany momba ny andiny tsirairay ny mpivory satria efa voarakitra ao anatin'ny "décret d'application" avokoa ny votoatin'ny hampiharana ny lalàna rehefa lany izany.

Nanao satroka, Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, ka nomena fitenenana.

Nametrahany fanontaniana ny zavatra voalaza tao amin'ny "loi de finances" izay tsy voateny eto ny mikasika azy. Tokony hojerena tsara sy hametrahana fanontaniana ny momba ny "contribution du secteur minier" eto amintsika araka ny sosokevitra tany amin'ny asam-baomiera. Natao "par voie réglementaire" izany ary tsy azo alefa avy hatrany any amin'ny "loi de finances" satria lasa hanova foana isika isan-taona. Efa nanao an'izay sosokevitra ny Solombavambahoaka ANDRIAMANJATO Bina Liantsoa teo aloha hoe: tsy tokony handany lalàna tsy feno isika, fa lasa fahazarana ato amin'ny Antenimierampirenena izany, ka aleo mba ovaina ny fomba fiasa.

Rehefa izany, nomena fitenenana Andriamatoa ANDRIAMANOHISOA Gérard, Sekreteram-panjakana miandraikitra ny Tanàna Vaovao sy ny Toeram-ponenana eo anivon'ny Fiadian'ny Repoblika.

Nambarany fa efa nanao fanadihadiana mialoha ny Minisitera tamin'io zavatra io, nanomboka 0,02% ka hatramin'ny 0,05% ny "taux" nojerena, ka teo anelanelan'izay no fetra napetraka tao anaty volavolan-dalàna.

Nandroso sosokevitra koa Andriamatoa Sekreteram-panjakana, mba hanovàna ny hoe: "fixée par voie réglementaire" hovaina hoe "fixée par voie législative" fa ny "taux" 0,02% hatramin'ny 0,05% tazonina ihany.

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandaniana isan'andiny momba ny volavolan-dalàna ny mpivory.

Nomarihany koa, fa ahitana Toko miisa 8 sy Andiny miisa 30 ny volavolan-dalàna.

Famelabelarana ny antonantony: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 27 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny famelabelarana ny antonantony.

TOKO 1: "DISPOSITIONS GENERALES"

Andiny 1 ka hatramin'ny andiny faha-3: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 28 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Toko 1, andiny-1 ka hatramin'ny andiny faha-3.

TOKO FAHAROA: “DES ACTEURS ET DE LEURS ROLES RESPECTIFS”

Andininy faha-4: lany nasiam-panovàna izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 28 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-4.

Andininy faha-5: lany nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, 28 ny Solombavambahoaka nandany raha tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny tamin'izany.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-5.

Andininy faha-6 ka hatramin'ny andininy faha-9: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 30 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-6 ka hatramin'ny andininy faha-9.

TOKO FAHATELO: «DES STRUCTURES DES MISES EN ŒUVRE»

Andininy faha-10: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 28 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-10.

Andininy faha-11: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 28 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-11.

Andininy faha-12: lany nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 28 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-12 nasiam-panovàna.

Andininy faha-13: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 28 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-13.

TOKO FAHAEFATRA: “DES DISPOSITIONS FINANCIERES: LE FINANCEMENT DES OPERATIONS IMMOBILIERS”

Andininy faha-14: lany nasiam-panovàna.

Nambaran-dRamatoa fa nisy “proposition” tamin’ity andininy ity, ka nomeny fitenenana Andriamatoa ANDRIAMANOHISOA Gérard, Sekreteram-panjakana miandraikitra ny Tanàna Vaovao. Nambarany fa araka ny fangatahan’ny Solombavambahoaka teo, aleo esorina ny “Autorité Nationale du Logement” satria tsy mpamatsy vola izy, fa efa misy “organismes étatiques spécialisés” mahasolo azy, toy ny ANALOGH izany, ka aleo averina tamin’ny fanitsiana nentina tany amin’ny asam-baomiera ihany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany andininy faha-14, nasiam-panovàna.

Andininy faha-15: lany nasiam-panovàna.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa nisy fanitsiana natao momba ity andininy ity, ka nomeny fitenenana ny solotenan’ny Governemanta.

Araka ny sosokevitra naroson-dRamatoa Solombavambahoaka teo, tsy “fixée par voie réglementaire” no atao eo, fa aleo ampidirina ao anaty lalàna mihitsy, araka ny nambarany teo hoe ny “pourcentage de volume d’investissements est fixé entre 0,02 à 0,05%” sa ho tazonina 0,03% ihany amin’izay tsy mihetsika intsony, ka ny lalàna no mamaritra azy.

Nanao satroka, Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore ary nambarany fa raha ny marina, miankina amin’ny “niveau d’investissements” no iakaran’ny “taux” manomboka 0,02% ka hatramin’ny 0,05%.

Namaly, nilaza Ramatoa Filoha, fa azo apetraka tsara any amin’ny “décret d’application” izay sosokevitra izay ary tsy hampiova ny lalàna ny fisian’ny “fourchette entre 0,02 et 0,05%”.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 28 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany andininy faha-14, nasiam-panovàna.

Andininy faha-15: lany nasiam-panovàna tany amin’ny Vaomiera ary nasiam-panitsiana teto amin’ny fivoriambe na koa hanaovana “formulation définitive”.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 27 no nandany; tsy nisy nitsipaka; Solombavambahoaka 1 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany andininy faha-15 nasiam-panovàna.

Andininy faha-16: lany nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 28 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-16, nasiam-panovàna.

Andininy faha-17: lany nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 28 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-17, nasiam-panovàna.

TOKO FAHADIMY: “DES MESURES INCITATIVES”

Andininy faha-18: lany nasiam-panitsiana.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 28 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-18, nasiam-panitsiana.

Andininy faha-19: lany nasiam-panitsiana.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 29 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-19, nasiam-panitsiana.

Andininy faha-20: lany nasiam-panitsiana.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 29 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-20, nasiam-panitsiana.

Andininy faha-21: lany nasiam-panitsiana.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 29 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-21, nasiam-panitsiana.

Andininy faha-22: lany nasiam-panitsiana.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 29 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-22, nasiam-panitsiana.

Andininy faha-23: lany nasiam-panitsiana.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 29 no nandany; tsy nisy ny nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-23, nasiam-panitsiana.

TOKO FAHAENINA: “GARANT DES DROITS DES ACQUEREURS”

Andininy faha-24: lany nasiam-panitsiana.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 29 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-24, nasiam-panitsiana.

Andininy faha-25: lany nasiam-panitsiana.

Nanan-kambara, Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, ka nomena fitenenana.

Nangataka ny hanesorana ny teny hoe: “prevention des expulsions locatives” ao amin’ny andininy faha-25 ny tenany, fa any amin’ny “texte règlementaire” no hametrahan’ny Minisitera ny “dispositions” mifanaraka amin’izany araka ny sosokevitr’Andriamatoa Sekreteram-panjakana teo, mba hisorohana ny “expulsions abusives” mba tsy hanahirana ny tompontrano amin’ny “droit des acquéreurs” raha toa misy mpanofa trano mibodo trano.

Nanontany an’Andriamatoa Sekreteram-panjakana, Ramatoa Filoha hoe ny “acquéreur” ve mpividy ka lasa hampanofa trano indray avy eo sa manao ahoana. “Logements sociaux” no resaka eto ka sao hisy “location” aorian’izay.

Nomena fitenenana Andriamatoa Sekreteram-panjakana miandraikitra ny Tanàna Vaovao ary namaly fa “acquéreur” no resaka eto, ireo olona nahazo ny trano na nanao “achat location-vente”, fa momba ny “expulsions abusives” indray dia ny “locateur” na ny mpanofa no voateny eto. Mba hiarovana ny mpanao “location-vente” no hevitra nentina tamin’io teny io.

Azo esorina io ireo teny ireo raha izay no mampety azy; izay no sosokevitra natolony ary lalan-kafa indray no entina miaro ny tompontrano amin’izay fotoana izay.

Rehefa izany, nambaran-dRamatoa Filoha, fa handraisana fanapahan-kevitra ny sosokevitra hoe: hesorina ao anaty volavolan-dalàna ny andalana milaza fiarovana ny fandroahana ny mpanofa trano.

Nanao satroka, Andriamatoa RAKOTOARIMANANA Patrice, ka nomena fitenenana ary toy izao no nambarany: tsy mifankahazo ny resaka tian'Andriamatoa Sekreteram-panjakana iaviana sy Ramatoa Solombavambahoaka teo.

Nambarany raha ny fahazoany izay voalaza ao amin'ny volavolan-dalàna, raha misy olona iray manana trano hofain'olona na nataony "vente location", ka any antenantenany any, mety hisy fahasahiranana mahazo ny "acquéreur" avy eo voaroaka izy. Izany hoe, "expulser" avy hatrany izy kanefa 15 taona ohatra no fifanarahana natao; efa nahavoaloha vola 10 taona anefa izy. "Expulser" izy avy eo, fa tsy ny mpanofa mahazatra antsika no resahana eto, fa ny mpividy; izay no fahazoana ny zava-misy raha mandinika isika.

Namaly Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, fa tsy voafaritra ao anaty volavolan-dalàna izay, ka tokony hofaritana mazava tsara hoe: "la prévention des expulsions abusives des locateurs sous contrat de location-vente", fa lasa tsy fantatra ny "formulation" misy eto.

Rehefa izay, nomena fitenenana Andriamatoa Sekreteram-panjakana miandraikitra ny Tanàna Vaovao ary nandroso sosokevitra hoe: "prévention des expulsions abusives des acquéreurs" no tsara raha mety amintsika. Mazava amin'izay hoe ny "acquéreur"-n'ny trano no arovana eto, fa tsy ny "locateur" mihitsy.

Ny "esprit" nitondrana azy dia momba ny "droit des acquéreurs" ary tsy voatery ho "vente location" no lazaina eto, fa ao anatiny koa ny "vente sur plan" na ny VEFA (Vente en Etat Futur d'Achèvement) amin'izao fotoana izao, ka aleo tazonina ihany ny voalazan-dRamatoa Solombavambahoaka teo hoe: "contre les expulsions abusives des acquéreurs" amin'izay mazava ny fiarovana ny "vente" rehetra atao.

Nambarany koa, fa raha mandeha ny olona efa nandoa vola dia mbola "acquéreur" ihany izy amin'izany, ka izay no tsy nametrahana ny hoe: "sous contrat de vente location" amin'ity volavolan-dalàna ity, fa mijanona ho "prévention des expulsions abusives des acquéreurs" no voalaza eto.

Rehefa izany, nanambara Ramatoa Filoha, fa tsy tokony hitatra amin-javatra hafa ity resaka ity. Efa voalaza koa fa tsy "sous contrat" izy eto, ka tsy tokony hanaovana adihevitra hafa mampanahirana indray.

Fananganan-tànana no tokony hatao handaniana ity andininy faha-25 ity, mikasika ny "protection des acquéreurs" ary nisy "proposition" nivoaka eto.

Izay milaza fa hesorina ny andalana hoe: "prevention des expulsions locatives".

Rehefa natao ny tsangan-tànana, tsy nisy Solombavambahoaka nanaiky ny fanalana ny "prevention des expulsions locatives"; Solombavambahoaka miisa 24 nanaiky ny hanaovana "reformulation" io andalana io; tsy nisy ny nitsipaka, Solombavambahoaka miisa 2 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-25 ary hanaovana "formulation" vaovao io andalana io.

Andininy faha-26: lany nasiam-panitsiana.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 29 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-26, nasiam-panitsiana.

TOKO FAHAFITO: “DES MESURES DE CONTROLE”

Andininy faha-27: lany nasiam-panitsiana.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 29 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-27, nasiam-panitsiana.

Andininy faha-28: lany nasiam-panitsiana.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 29 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-28, nasiam-panitsiana.

Andininy faha-29: lany nasiam-panitsiana.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 29 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-29, nasiam-panitsiana.

TOKO FAHAVALO: “DISPOSITIONS FINALES”

Andininy faha-30: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 29 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Toko faha-8, andininy faha-30, nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna.

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny ny mpivory, ka ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 29 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny volavolan-dalàna laharana faha-19/2021 tamin'ny 17 Novambra 2021 «relative à la promotion du logement à Madagascar».

Taorian'izay, nomena fitenenana Andriamatoa ANDRIAMANOHISOA Gérard, Sekreterampanjakana miandraikitra ny Tanàna Vaovao sy ny Toeram-ponenana eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika.

Fisaorana ny Antenimierampirenena tamin'ny fandaniana ny volavolan-dalàna natolotry ny Minisitera iadidiany sy ny hitohizan'ny fiaraha-miasa eo amin'ny roa tonta no nataony.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Ramatoa Filoha, fa ny Talata 14 Desambra 2021 amin'ny 10 ora, maraina, hisy fivoriambe handiniana sy handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolo-dalàna laharana faha-006-2021/PL «relative à l'évaluation des politiques publiques à Madagascar, présentée par Eléonore JOHASY, Députée de Madagascar, élue dans le District de Vangaindrano, Présidente de la Commission de l'Evaluation des Politiques Publiques et Consorts», ka nanentana ny Solombavambahoaka ho tonga marony tenany amin'ny fanatrehana izany.

Niato tamin'ny 9 ora sy 30 minitra, alina, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona